TILY ETO MADAGASIKARA

**SAMPANA MENAFIFY**

# TARI-DALANA

## *AMBARATONGA SY TALENTA*

Mpitarika

# TENY FANOLORANA

« Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana. » I Kor 13,11.

Izany Tenin'ny Soratra Masina izany dia manamarika ny fivoaran-tenan'ny olombelona izay tsy azontsika hihodivirana satria lalàna napetrak'Andriamanitra ho an'ny zava-boahary izany. Araraotintsika ato anivon'ny Tily Eto Madagasikara io fivoaran-tena io ka isaky ny ambaratonga lalovantsika eo amin'ny fiainantsika dia tokony hisy talenta aterak'izany, mba ho entintsika mampandroso ny tontolo manodidina antsika.

Tsy tokony hisy dingam-piainana moana be fotsiny amin'izao fa raha te hanana fiainana mamiratra sy tontolo tsaratsara kokoa hatrany isika dia tsara ny mitrandraka sy mampiasa ny talenta ao anatintsika ao fa ireny no masomboly napetrak'Andriamanitra ao amintsika, izay nataony mba hitondra vokatra eo amin'ny fiainantsika dia ho tratratsika ilay vinan'ny O.M.M.S manao hoe « manorina tontolo tsara kokoa ».

Ny sampana menafify dia namaritra fa ny AMBARATONGA hiainana ao aminy dia miisa telo miavaka tsara :

- Ny « **MPIKETRIKA MAMENO** » izay ahafahana mampivelatra ny HAIRAHA anaty vondrona na fokonolona iray ka hahafahana mamoaka tetik'asa iray fara-fahakeliny ho entina mampandroso ny fiainam-bondrona na ny tontolo manodidina azy.
- Ny « **MPIALOHA LALANA** » ho an'ilay mitarika ny tetik'asa. Ary rehefa mahomby izany ka afaka manangana asa fivelomana ho an'ny tenany sy ny manodidina azy.
- Ny « **MAHATSANGY NO ARY** » izay dingana farany ao amin'ny menafify. Io no vokatra entina hanabe voa.

Tsaroana ny fomba fitenin'ny Raiamandreny iray filohan'ny Foibe Tily tany aloha, rehefa nanofana izy manao hoe « raha mbola misy Menafify iray mijoro, dia azo antoka ny fandrosoan'ny firenena. (Filoha KALIA MIARITRA) »

Ho marina amintsika tokoa anie izany.

Ekipa Foibe Menafify

# VOAMBOLANA TSARA HO FANTATRA

- **Asa** [anarana] : teny ilazana izay atao. Fitambaran'ny andraikitra sy hetsika tanterahan'olona iray eo anivon'ny orinasa iray.
- ***Emploi*** *[nom]* : Fitambaran'ny asa samihafa izay mitovy eo amin'ny tanjona sy hetsika atao.
- **Ivotoeram-piofanana** [anarana] *[Centre de formation]* : Toerana manome fiofanana samihafa ho an'ny olona efa miasa na mpianatra ahafahana mitrandraka fahaiza-manao arak'asa vaovao na manamafy fahaiza-manao arak'asa.
- **Kalazalahy** [anarana] *(Expert)* : Matihanina izay manana fahaiza-manao sy traik'efa manokana izay notrandrahany sy nianarany ary nofehezina nandritra ny taona maro.
- **Mahatsangy no Ary** [kamban-teny] : olona mahavita mamelona ny tenany, mamelomaso ny anaran-dray; Enti-milaza ny zanaka izay tsy miankina amin'ny ray aman-dreniny intsony no sady mahavelo-maso ny voninahitr' izy ireo koa.
- **Matihanina** [anarana] *(Professionnel)* : Mpisehatra anatin'ny asa iray izay ataony asa fivelomana.
- ***Métier*** *[nom]* : Fitambaran'ny « *emploi* » samihafa mifamatotra amin'ny alalan'ny teknika mila fehezina.
- **Mpiketrika mameno** [kamban-teny] : manovo sy mameno izay zavatra rehetra tsy ampy
- **Mpialoha lalana** [kamban-teny] : mandroso amin'ny zavatra atao, ka manatratra izay tsara sy mety mba hahazo vokatra
- **Mpandraharaha** [anarana] *(Entrepreneur)* : Olona miasa tena, manangana ny orinasany manokana ary mampivelatra izany.
- ***Monographie*** *[nom]* : Fanadihadiana amin'ny antsipirihana mahakasika sehatra iray.
- ***Ouvrier*** *[nom]* : Olona iray manao asa mampiasa tanana.
- **Talenta** [anarana]: Fahaiza-manao norantovina sy notrandrahana na voajanahary, hakingana voajanahary.
- **Seha-pihariana** [kamban-teny] *(secteurs éconamqiues): Fitsinjaran'ireo asa misy eo amin'ny seham-pihariana araka ny fivoarany avy. Misy telo (3) ny sehatr'asa misy eto Madagasikara: sehatr'asa voalohany misy ny fambolena sy fiompiana ary ireo fikirakiràna akora fototra, sehatr'asa faharoa toy ny fanodinana akora sy ny asa tànana, ary ny sehatr'asa fahatelo toy ny varotra sy ny fandraharahana.*
- **Tetikasa** [anarana]: Asa tanterahina anaty fotoana voafetra hampiasana olona sy fitaovana ary hananganana teti-bola. Tokony misy vokatra aorian'izany, asa notetehina, asa vitsivitsy mitambatambatra ahafahana manatratra tanjona mazava iray
- **Traikefa** [anarana] *(Expérience)* : Fahaizana sy fifehezana zavatra iray avy amin'ny fiainana sy fampiasana azy matetika, Fahaizana amam-pahalalana ananan' ny olona iray ary efa vita sedra sy nahazoam-pahombiazana maro tamin' izay nampiharana azy ka mendrika hitanana sy ampiasaina hatrany.

# FAMPIDIRANA

Tahaka ny hita eo amin'ny sampana rehetra anivon'ny skotisma Tily eto Madagasikara dia ny tsirairay no tompon'antoka voalohany amin'ny fampivelarana ny tenany. Misongadina izany amin'ny fanomezana sehatra sy fahafahana ny tsirairay hisafidy izay Fokonolona hivelarany, ny fiezahan'ny tsirairay hanana fandavan-tena amin'ny fanatanterahana ny asam-pokonolona, ny fikarohan'ny tsirairay tetikasa hivelarana sy hampivelarana ny mpiray antoka aminy. Eo indrindra ihany koa ny fisafidianana ireo talenta manokana izay hofolahina mba hampivoatra azy mandritra ny fiainany ao anatin'ny Sampana Menafify.

Mamaritra fomba fibeazana miandalana ary tsikelikely ny skotisma. Fitaovana iray napetraka hatrany am-boalohany hanatanterahana izany ny Ambaratonga. Ny Talenta kosa dia fivoarana araka izay manandrify sy safidin'ny tsirairay. Ireo fomba fandrefesana roa ireo dia samy omen-danja tanteraka ato amin'ny Menafify mba ho feno tokoa ny fomba fanabeazana skoto atolotra ho an'ny tanora mandalo ao amin'io sampana io.

Ny skotisma dia mampivelatra ny tsirairay amin'ny alalan'ny fanomezana azy ny fomba fibeazana miandalana sy mivoatra tsikelikely. Fitaovana iray napetraka hanatanterahana izany ny Ambaratonga. Arak'izany, ny ambaratonga dia mamaritra ny fivoaran'ny tsirairay ka mari-pandrefesana mitovy no ampiasaina. Mandritra ny ijanonany ato amin'ny Menafify dia mandalo Ambaratonga telo ny Mpitarika tsirairay dia ny ambaratonga:

1. Mpiketrika Mameno,
2. Mpialoha Lalana,
3. Mahatsangy No Ary.

Fa mialoha ny hirosoana amin'ny dingan'ny Ambaratonga, ny Menafify tsirairay dia mila miomana sy manolo-tena amin'ny fiatrehana ny maha-menafify azy aloha. Rehefa vonona izy dia manatanteraka ny Fanekena Tily sy ny Fanekena Fanorenana.

# FINTINA AMBARATONGA SY TALENTA

« Ato amin'ny Menafify dia omena lanja avokoa na ny talenta voajanahary (izay fahaiza-manao ananana tsy mila nianarana), na ny talenta novolena (izay vokatry ny fianarana na ny fampiharana – fandaharam-panabeazana). Amin'ny ankapobeny dia mandritra ny fanatanterahana tetikasa no anaporofoan'ny Menafify ny fananany Talenta iray amin'ny alalan'ny andraikitra raisiny sy ny fanehoany ny anjara asa manavanana azy. Koa satria manomana ny tanora ho amin'ny asa fivelomana ny Menafify dia ny filan'ny tontolon'ny asa andavanandro no iantsoana nyTalenta ao aminy (ohatra: Rafitra, Fanentanana, Fakana sary, sns.). »

## 01 – Mpiketrika mameno

- Fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa misy eo amin'ny Fokonolona sy/na Fileovana;
- Ahitany ireo fomba fitarihana tetikasa; Hahafantarany ireo dingana arahina amin'ny fanatanterahana tetikasa iray;
- Fe-potoana hanolorana: 3 volana
- Fe-potoana iainana azy: 6 volana

## 02 – Mpialoha lalana

- Fahavitrihana nandray anjara tamin'ny tetikasa tao anaty Fokonolona sy ny fisian'ny bokin'ny tetik'asa vonona ary miandry ny fanatanterahana azy;
- Fitarihana sy fitantanana tetikasa iray na maromaro *(gestion de projet)*
- Fe-potoana hanolorana: 6 volana aorian'ny "Mpiketrika mameno";
- Fe-potoana iainana azy : 1 taona

## 03 – Mahatsangy no Ary

- Nahavita nitarika tetikasa tamim-pahombiazana; nahavita tatitra ara-dalàna koa izy mikasika ireo tetikasa efa notarihiny ka nataony ho boky koa izany mba ho tahirin-kevitra ho an'ny Fokonolona sy ny Fileovana;
- Fanomanany tetik'asa ho an'ny tenany manokana mba ho entiny miatrika amim-pahombiazana ny fiainany andavanandro;
- Fe-potoana hanolorana: 1 taona aorian'ny "Mpialoha lalana"
- Fe-potoana iainana azy: mandra-pitsofan-drano azy (25 taona)

MPITARIKA


# FEPETRA TAKIANA ISAN'AMBARATONGA

Mikendry ny fampivelarana ny maha olona feno ny fanabeazana eto amin'ny Tily Eto Madagasikara. Ao anatin'izany dia tanjonina eo amin'ireo *mpitarika* ny hananany fahalalana ampy sy sahaza (savoir), fahaiza-manao (savoir-faire) takian'ilay sehatra, ary fitondra-tena (savoir-être) mifanaraka amin'ny tontolo ivelarany. Ezahana hibe tena ireo mpitarika ary hahatratra ny fepetra takian'ny tontolo tena izy araka ny tokony ho izy. Izay indrindra ireo fahalalana samihafa takiana aminy ireo.



## MPIKETRIKA MAMENO

- Fahalalana: mahalala karazana asa sy tetikasa ary sehatr'asa misy eo amin'ny faritra misy azy sy eto amin'ny firenena; mahalala ireo fomba sy dingana fananganana tetikasa, mahalala ny tanjaka sy ireo otrik'harena misy eo anivon'ny faritra misy azy.
- Fahaiza-manao: mahay manavaka ireo fitsinjarana asa misy anatinà tetikasa iray; mahay teknika fananganana tetikasa iray fara-fahakeliny;
- Fitondran-tena: mihaino ny hafa, tia karokaroka sy mamoron-javatra, tsara fifandraisana amin'ny mpiray tetikasa, mety atoro sy vonona ny hianatra zava-baovao.



## MPIALOHA LALANA

- Fahalalana: mahalala amin'ny ankapobeny ny filàn'ny vondrona misy azy (fokonolona, fiarahamonina) ara-piharina ; mahalala ireo soa fanararaotra izay afaka avadika ho asa sy tetikasa eo anivon'ny fiarahamonina.
- Fahaiza-manao: mahay ireo antsipirihany amin'ny teknika fitantanana tetikasa;  mahafehy teknika iray fara fahekeliny amin'ny fitarihana tetikasa; mahavita mandrafitra boky tetikasa.
- Fitondran-tena: mavitrika tsara teo anivon'ny vondrona, matoky tena, sahy mandray fanapahan-kevitra, manana toe-tsain'ny fiombonana, vonona ny hitarika sy hisedra ny sarotra.




## MAHATSANGY NO ARY

- Fahalalana: mahalala ny maha zava-dehibe ny fananana asa eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina, mahalala ireo karazana fepetra takiana ara-piarahamonina eo anivon'ny tontolon'ny asa na rehefa hanangana orinasa;
- Fahaiza-manao: mahay teknika mampahomby tetikasa; mahavita mandrafitra boky tatitra tetikasa; mahafehy ireo teknika ilaina amin'ny fitantanana sy fitarihana tetikasa ;
- Fitondran-tena: mahaleo tena, azo itokiana, mahavaha olana, sahy mametraka fanamby eo amin'ny fiainana maha olon-dehibe.

# IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANOLORANA TALENTA

Ato amin'ny Menafify dia omena lanja avokoa na ny talenta voajanahary, izay fahaiza-manao ananana tsy mila nianarana, na ny talenta novolena, izay vokatry ny fianarana na ny fampiharana (fandaharam-panabeazana) tao no nahazoana azy. Amin'ny ankapobeny dia mandritra ny fanatanterahana tetik'asa no anaporofoan'ny Menafify ny fananany Talenta iray amin'ny alalan'ny andraikitra raisiny sy ny fanehoany ny anjara asa manavanana azy. Koa satria manomana ny tanora ho amin'ny asa fivelomana ny Menafify dia ny filan'ny tontolon'ny asa andavan'andro no iantsoana ny Talenta ao aminy (ohatra: Rafitra, Fanentanana, Fakana sary, sns.).

## 1- Fitiliana TALENTA



*Tena zava-dehibe ny fananan'ny Zokiolona fisin'ny mpitarika hatrany amin'ny sampana mavo izay manampy bebe kokoa amin'ny fahalalana tsara ilay mpitarika.*

- Vokatry ny hetsika sy ny tetikasa iainan'ilay *mpitarika* dia tokony ho hita miavaka anatin'izany ny talenta hananany;
- Eo koa ny *Fisin'ny Mpitarika ao* anaty boky firaketana izay entin'ny zokiolona manara-maso ny fivoaran'ilay *mpitarika*.
- Ireo singa roa (2) ireo no ilaina hitiliana sy hanomezana talenta ilay *mpitarika*

## 2-Fandrafetana Boky



- Rehefa voatilin'ilay Zokiolona ny Talentan'ilay mpitarika dia ampiany izy amin'ny fandrafetana boky ahafahana manombana ny fifehezan'ilay mpitarika ara-teorika sy ara-teknika ilay talentany;
- Ireto avy no tokony ho hita anatin'ilay boky*: famaritana ilay talenta sy tetikasa, ny tantarany sy ireo fiantraikany eo amin'ny fiarahamonina.

**Tsy mifanalavitra amin'ny firafitry ny boky tetikasa ny boky fanolorana talenta; Tsy voatery hitovy daholo anefa izany noho ny tsy fitovian'ny sehatra sy ny toerana misy ilay mpitarika fa anjaran'ny filoha sy zokiolona no mijery ny firafitra mifanaraka amin'ny zava-misy.*

## 3-Fanolorana Ampahibemaso



**Ny antsoina hoe Olona mahafehy dia olona nianatra sy/na manam-pahaizana sy traik'efa manokana momba ilay sehatra ary voamarina ara-piarahamonina izany;*
***Miankina amin'ilay talenta ny vokatra resahana eto.*

- Rehefa vonona ilay boky dia atolotry ny Zokiolona amin'ny Filoha eo anivon'ny faritany ahafahany manombana sy mikarakara ny fanolorana ampahibemaso miaraka amin'ny **olona mahafehy na ivon-toeram-piofanana*** ilay talenta sy fahaiza-manaon'ilay mpitarika
- Tombanana amin'izany ny fifehezana ara teknika sy teorika ary ny kalitaon'ilay vokatra** ananan'ilay *mpitarika*.

## 4-Fanolorana Ny talenta



- Rehefa neken'ny filoha sy ireo olona mahafehy tsara ilay talenta ny fanolorana ampahibemaso dia afaka miroso amin'ny fanolorana talenta ny Ekipa Foibe Menafify na ireo olona omeny alalana amin'izany;
- Lanonana amin'ny fomba skoto no hanolorana ny talenta ary miendrika **"certificat"*** izany talenta izany.

**Ny certificat izay atolotra dia manamarika fa voafehin'ilay mpitarika ilay talenta ary afaka entiny eny anivon'ny sehatry ny asa sy ny fiarahamonina hivelarany sy hamelomany tena avy amin'ny alalan'izany fahaiza-manaony izany.*

## 5-Firahalahiana



Faranana amin'ny firahalahiana ny fanolorana talenta ahafahan'ilay mpitarika mizara ny hafaliany amin'ny rehetra.

Eo andalam-piketrehana ny ahatonga ny talenta menafify (certificat) mba hitovy lanja amin'ny "certificat professionnel", araka ny fenitry ny fanjakana, ny ekipa foibe, izay mbola hitakiana fanatsarana maro sy ezaka amintsika rehetra mba ho tena tombotsoan'ilay mpitarika izay hisehatra amin'ny tontolon'ny asa fivelomana.

Janoary 2024

TILY ETO MADAGASIKARA

Tily eto Madagasikara
@tilyscout I www.scout.mg